

6 MAY 2010.

22 Iyar 5770.

Ny famonjena: fanantenàna sa fahatokian-tena?


« Koa izay manao azy fa efa mijoro tsara, dia aoka izy hitandrina, fandrao ho lavo » (1Korintianina10:12)

Ny nahalavo an'i Petera (raha nandà an'i Kristy izy nandritra ny fitsaràna Azy) dia sarin'ny fianjeràn'ny olona marobe ankehitriny. Tsy misy zavatra mampalahelo an'Andriamanitra sy mandoza ny fanahin'ny olona toy ny fiavonavonana sy ny fiheverana ho mahavita tena irery. Amin'ny fahotàna rehetra izay mampitotongana dia io no tsy misy fanantenàna sy tsy misy fanàfany indrindra. Miandàlana ilay fahalavon'i Petera. Ny fizahozahoany dia nitarika azy hino fa hoe voavonjy izy kanefa nahatonga azy handà ny Mpampianatra azy. **Tsy tokony hahatoky tena fatratra isika ka hihevitra fa voaaro amin'ny fakam-panahy raha mbola ety an-tany ety.** Ireo izay efa nandray ny Mpamonjy dia tsy tokony hilaza fa efa voavonjy izy na dia ampahatsorampo tanteraka aza ny fiovam-pony. Mahatonga fahadisoan-kevitra io fanambaràna io. Tokony hiezaka hamboly ny fanantenana sy ny finoana ny tsirairay satria na dia efa nanolotra ny fiainantsika ho an'i Kristy aza isika ka matoky ny fandraisany antsika dia tsy hoe voaaro amin'ny fakampanahy. Hoy ny Tenin'Andriamanitra: « **Maro no hodiovina sy hofotsiana ary hozahan-toetra** » Daniel 12:10 « **Sambatra izay olona maharitra fakam-panahy; fa rehefa voazaha toetra izy, dia handray ny satro-boninahitra fiainana, izay nolazain'ny Tompo homena izay tia Azy.** » (Jakoba 1:12)

Ireo izay avy niova fo ka milaza hoe « voavonjy aho » dia mety hirona hiantehitra amin'ny herin'ny tenany manokana. Very anjavony eo imasony ny fahalemeny sy ny filàny mandrakariva ny hery avy any an-danitra. Tsy vonona hiatrika ny tetik'adin'i Satàna izy ary rehefa eo anatrehan'ny fakam-panahy tahaka an'i Petera dia betsaka ny lavo ka midaraboka anaty hantsana. Inty ny fampitandremana nomena antsika: « **Koa izay manao azy fa efa mijoro tsara, dia aoka izy hitandrina, fandrao ho lavo.** » (1Korintina 10:12) Ny hany fiarovana ho antsika dia ny mametraka fihaiakàna amin'ny tenantsika manokana ka tsy miankina afa-tsy amin'i Kristy. Marobe ny kristianina tsy ho tonga amin'ny fahamatorana mihitsy. Azony tsara fa rehefa lavo ny olombelona dia niha nihena ny fahafahany misaina, ary tsy afaka manatsara ny toe-panahiny izy ka lazainy fa efa noraisin'i Kristy manontolo ny vesatry ny fanaintainana sy ny fanetretena ary dia zarany aza izany . Hoy koa izy hoe mino fotsiny sisa no anjarany anefa i Kristy nilaza hoe : « **Raha misy olona ta-hanaraka Ahy, aoka izy handà ny tenany sy hitondra ny hazo fijaliany ka hanaraka Ahy.** » (Matio 16:24) Nitandrina ny didin'Andriamanitra rehetra i Jesosy.

Tsy tokony ho afa-po ka hianona tsy hivoatra isika ka hilaza hoe « **efa voavonjy aho** » Raha kolokoloina izany hevitra izany dia hanjavona ny antony manosika anao hivavaka, hiambina sy hiezaka hatrany hananatra tanjona ambony. Tsy hisy lela nohamasinina hanambara izany teny izany alohan'ny hiavian'i Jesosy raha tsy efa migadona eo ambaravaran'ny tanàna masina ny tongo-tsika. Ary amin'izay no hipololotra ao ampo ny fiderana sy ny fanomezam-boninahitra an'Andriamanitra sy ny Zanak'ondry noho ny fanavotany mandrakizay. Raha mbola feno halemena ny olona iray-tsy manana fahafahana mamonjy ny tenany amin'ny heriny manokana dia tsy tokony ho sahy hiteny hoe « **efa voavonjy aho** »

Tsy eo amin'ny fotoana hisalobohana fiarovan-tratra ho entina any antany fiadiana no hiantso antso fa hoe efa nandresy satria mbola vao hirotsaka an'ady ary koa avy eo ilaina ny hahazoana fandresena. Ireo izay maharitra hatramin'ny farany ihany no ho voavonjy.-- EllenWhite A New Life pp. 41-43).



<http://schwintner.chez-alice.fr/>